

Milaza raha hita e!

Taratasy ifanahazanam-baovao sy kaizatra

Editorial

Fiantso Madagascar a, dès son origine, focalisé son attention sur le niveau communal, en apportant des appuis à des communes dans le cadre du renforcement de leurs capacités de gestion locale du développement. Des organisations internationales ont ainsi soutenu Fiantso dans ses efforts. **ICCO** dans le cadre de la décentralisation de la gestion foncière, l'UE à travers FORMGED/ICRA pour le renforcement de capacités de la société civile, le PNUD dans la promotion des droits humains par la mise en place de cliniques juridiques.

Dans ses actions, Fiantso choisit la commune pour développer des services de proximité selon les besoins locaux : foncier, droits humains, renforcement de capacité. En effet, à Madagascar, une politique de décentralisation est prônée par l'Etat depuis plus d'une décennie. Il est attendu des acteurs locaux qu'ils gèrent les communes de façon efficace, efficiente et transparente et qu'ils améliorent de façon visible les conditions de vie des populations.

Ils doivent en même temps respecter les principes de bonne gouvernance, les fondements de l'Etat de droit, la législation en vigueur, le principe de subsidiarité, l'implication des citoyennes et citoyens à la prise de décision et à la promotion de l'économie de marché. La complexité de ces attentes fait de la décentralisation un long processus d'apprentissage nécessitant la participation de tous les acteurs au développement. La mise en place d'un cadre régional concerté de renforcement des capacités des acteurs locaux facilitant ce processus d'apprentissage en matière de décentralisation est souhaité.

Dans ce sens, la notion de capacité ne se limite donc pas au savoir faire individuel ou aux connaissances théoriques mais intègre la compétence collective à planifier et agir de manière concertée. Elle concerne l'aptitude des individus et des organisations à identifier des problèmes de développement, à trouver des solutions et les appliquer. Elle comprend également l'aptitude à coopérer, communiquer, négocier, articuler des intérêts, piloter des processus et gérer des conflits, autant de compéten-

HO HITANAO ATO

Tatitry ny fanadihadiana mikasika ny Fananantany	2 -3
Cliniques juridiques : quelle abnégation !	2
Fanadihadiana mialoha ho amin'ny fametrahana ny Birao Ifoton'ny Fananantany	3
Mila aim-baovao ho fanohana azy ny BIF	4
Le "Tangena" dans la communauté Antemoro	4

ces indispensables aux processus collectifs. Le renforcement des capacités décrit ainsi le processus d'élargissement des compétences des individus, de leurs organisations et de la société pour mieux agir, seul garant de durabilité. Pour cela, l'approche est de former tout un ensemble d'acteurs, engageant ainsi une dynamique d'échange à travers différents types de formation.

Amélie RAZAFINDRAHASY,
Mpandrindra Nasionaly

Tatitry ny Fandihadiana mikasika ny fananantany



Miha mafy orina hatrany ny fiarahamiasa eo amin'ny distrikan'i Lalangina, ny sampandraharaham-paritry ny hetra, ny lafitany, ny topografia, ny fanaparaham-pahefana ary ny fikambanana Fiantso amin'ny fametrahana ny Birao Ifoton'ny Fananantany (BIF) eo amin'ny

kaominina 7 ; Ambalakely, Mahatsinjony, Ambalamahaso, Ivoamba, lalanandiro, Taindambo ary Sahambavy ato amin'ny Distrikan'i Lalangina, faritra Matsiatra Ambony.

Tontosa ny talata faha-14 septambra tao amin'ny biraon'ny Fiantso Antarandolo Fianarantsoa ny fanaovana tatitra ny vokatry ny fanadihadiana mikasika ny fitantanana ny tany ao amin'ny kaominina Taindambo sy Ambalamahaso.

Ny dinik'asa dia notanterahina teo ambany fiahian'ny lehiben'ny distrikan'i Lalangina.

Nivoitra tamin'ity fotoana ity araka ny fanavaozana ny lafiny fanananantany hatramin'ny taona 2005 ireo karazana sata-tany 5 misy. Mikasika ny tanin'olontsotra

Tsy Vita Titra dia mazava ny fahefan'ny kaominina amin'ny fitantanana azy amin'ny alalan'ny fananana BIF izay hany tompom-pahefana amin'ny fanomezana karatany eny anivon'ny kaominina.

Ny fanananana "Plan local d'occupation fonciere" (PLOF) izay karazana saritany mamaritra ny satatany amina toerana iray no isan'ny sivana lehibe amin'ny fametrahana ny BIF ka eo indrindra no ilàna ny fifarimbonan'ny rehetra indrindra ny fiarahamiasa amin'ny fiadidiam-paritry ny lafitany sy ny topografia.

Fomba fiasa mahomby ny fifamenoana ary ny sampandraharaha tsirairay dia samy manana ny tandri-

Fanadihadiana mialoha ho amin'ny fametrahana ny Birao Ifoton'ny Fananantany

Dingana iray tsy azo tsinotsinoavina ny fanatanterahana ny fanadihadiana alohan'ny fametrahana ny Birao Ifoton'ny Fananantany ary tsy ametrahan'i Fiantso fisalasalana mihitsy ny fanatontosana azy.

Kaominina 6; Amboanjo, Analavory, Ambahatrazo, Anosiala, Mangatsiotra, Sahasinaka no voakasik'izany ho an'ny distrikan'i Manakara, faritra Vatovavy Fitovinany raha Kaominina 4 ; Mahatsinjony, Taindambo, Ambalamahaso ary Ambalakely, ho an'ny distrikan'i Lalangina, Faritra Matsiatra Ambony.

Kaominina 10 izany no nantontosana ity fanadihadiana ity raha toa ka efa nahavitana izany ireo Kaominina 18 hafa izay samy tanterahina amin'ity tetik'asa FIELD ity ihany.

Tapa-bolana eo ho eo no nanantontosana ny fanadihadiana ka ny faran'ny volana aogositra lasa teo no nanaovana ny fandravonana farany izay vokatra voangona rehetra.

Ho fanabeazana na koa ho fanazarana ireo tanorantsika vao nahavita na mbola eo ampiatrehana ny fianarany eny amin'ny oniversité dia avy amin'izy ireo no nifantenana izay mety ho afaka hanatontosa tokoa ny fanadihadiana. Nomena fiofanana avy hatrany nandritra ny roa andro ireo tanora namaly ny antso rehetra ka taorian'izay vao niroso tamin'ny fifantenana ny ekipan'ny Fiantso.

Zava-dehibe tokoa ity dingana ity alohan'ny hametrahana ny BIF satria ny vokatra azo amin'izany no ahafahana mandrefy mialoha izay mety ho tena fahafahan'ilay kaominina hametraka ny BIF ao aminy sy ho fanamorana ny fitantanana azy.

Zavatra efitra loha no tena niompanan'ny fanadihadiana dia ny famantarana ny satan'ny tany rehetra ao anatin'ilay kaominina, ny fomba fitantanana ny tany, ny fomba famahana ny olana ara-pizakan-tany



Ekipa Fiantso manentana mikasika ny fanatanterahana ny fanadihadiana

ary ny fahafahan'ny kaominina manangana ilay Birao Ifoton'ny Fananantany ho servisy mijoro marina eo anivon'ny kaominina.

Ny satan'ny tany lazaina eto raha atao tsotra ny filaza azy dia mitsinjara ho sokajy 5 ; Ny tanim-panjakana tsy azo amidy (Domaine Public de l'Etat), ny tanim-panjakana azo amidy (Domaine Privé de l'Etat), ny Tany Manana Sata Manokana (Terrains à Statut Spécifique), Ny Tanin'olon-tsootra Vita Titra (Propriété Privée Titree) ary ny Tanin'olon-


tsotra Tsy Vita Titra (Propriété Privée Non Titree).

Ity satan'ny tany farany ity moa no tena sahanin'ny Birao Ifoton'ny Fananantany ka raha ataontsika hoe kely sisa ny velarantany voakasik'izany ao anatin'ilay kaominina dia azo saintsainina mialoha sahady ny mety ho fahasahiranan'izany kaominina izany amin'ny fananana ny Birao Ifoton'ny Fananantany satria amizay tokoa no tonga amin'ilay fitenenana hoe "tsy hahaleo ny sarany ny vidiny".

Ny vokatra ny fanadihadiana dia nampiseho fa ny ankamaroan'ny kaominina nanatanterahana ny fanadihadiana dia azo atao tokoa ny fametrahana ny Birao Ifoton'ny Fananantany ao aminy, satria farafahakeliny dia ny 35%ny tany dia tanin'olon-tsotra tsy vita titra daholo. Ny kaominina sasany kosa dia azo atao ihany ny mieritreritra ny hampiaraka azy amin'ny fananana BIF sy CRIF iombonanana.

Izao vokatra ny fanadihadiana izao dia mbola handalo eo anatrehan'ny sampandraharahan'ny Fananantany sy ireo kaominina voakasika ho fanamarinana azy.

Satan'ny tany ao amin'ny Kaominina 10 nanatanterahana ny fanadihadiana (%)



Hita fa osaosa ihany isika amin'ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny fanoratana ny tany.

Cliniques juridiques ; Quelle abnégation !

A ce jour, Cinq cliniques juridiques « Trano Aro Zo »(TAZ) sont fonctionnelles dont trois gérées par Fiantso (Mananjary, Manakara, Farafangana).

Trois principales activités ont été menées : - Résolution de Conflits en milieu Communautaire (RCC) - Activités ludiques de diffusion de droit - Organisation d'événements.

Les efforts réalisés jusqu'ici ont abouti aux changements ci-après;

Les cliniques juridiques sont devenues des voies de recours de proximité pour les populations vulnérables.

La notoriété des cliniques juridiques sont actuellement reconnues.

Les services déconcentrés partagent progressivement la pertinence de l'existence des TAZ (réduction des dossiers traités). Ils deviennent partenaires et la notion de service public externe

nalisé est partagée.

Des autorités traditionnelles acceptent aussi leurs actions . Ceci résulte des actions de collaboration de ces dernières avec les Services techniques, les organi-

tellement peur, les étapes déjà franchies risquent de disparaître. En effet ces cliniques juridiques n'ont plus le moyen financier nécessaire pour assurer leurs services.

Pourtant, les efforts des personnels méritent d'être soulignés.

Très imprégnés de leurs actions au sein des TAZ, ces personnels continuent toujours à traiter des cas de conflits et n'ont jamais procédé à la fermeture du portail des cliniques.

Depuis juillet, plus de 100 cas de conflits ont été encore traités au niveau de la TAZ de Manakara.



Evolution des cas traités au niveau des TAZ de janvier à juin 2010

sations de la société civile et les chefs de Fokontany.

Avec de tels résultats, des pas ont été faits en matière de promotion et de protection des droits humains.

Toutefois, les situations actuelles font

Le chemin vers une société pacifique s'esquisse déjà avec les actions des cliniques juridiques, des actions qui méritent encore d'être poursuivies et soutenues.

Tatitry ny fanadihadiana mikasika ny fananantany (tohiny)

fim-pahefany ka rariny tokoa raha ifanatrehana ny vokatry ny fanadihadiana notanterahina teny anivon'ny kaominina.

Nisongadina fa azo tanterahina tsara ny fametrahana ny BIF ao amin'ny Kaominina Taindambo sy Ambalamahaso. Hita fa ny 75% n'ny tany raha kely indrindra dia mbola tanin'olon-tsootra tsy vita titra daholo ka tandrifim-pahefan'ny BIF tokoa. Tsapa koa ny fahavononan'izy ireo amin'ny fanokanana efitrano ho an'ny BIF sy ny efa fananan'izy ireo sahadany ny fitaovana toy ny solosaina.

Manampy izany koa ny fahatsapana ny firaisankinan'ny mponina sy ny fahavitriana amin'ny fandoavana ny hetra, ary ny fananana fomba fiasa voarindra eo amin'ny mpiasan'ny kaominina. Izao tatitra izao dia mbola hatao eny anivon'ny kaominina ahafahan'ny mponina manome fanamarihana mikasika ny fanadihadiana natao.

Nisongadina koa teto ny dinika mikasika ny hampaharitra ny fananana ny BIF

ka zavatra maro loha no navoitra isan'izany ny "arrêté ministériel 03-813 / 2010" mikasika ny fanomezana (dotations) ny amin'ny fampandehanana sy ny karaman'ny mpiasan'ny BIF sy ny mety ho fandraisan'anjaran'ny kaominina amin'ny



Ekipa fiantso manatanteraka ny tatitra

fampandehanana ny Ivotoerana anovozana antontam-baovao mikasika ny fananantany (CRIF).

Toraka izany koa ny fampitomboana ny fampidirambolan'ny kaominina amin'ny alalan'ny IFT / IFPB, certificat foncier ny ristournes sy ny maro hafa re-

hetra.

Notsipihina manokana koa teto ny maha servisy kaominaly ny BIF .

Tahaka ny efa fanaon'ny Fiantso dia ho tohizana hatrany eny anivon'ny kaominina manana ny BIF ny fametrahana ny fitondrana tsara tantana ; ny "Systeme d'Information et de communication communal", ny "redevabilité", ary ny "contrôle citoyen".

Nisongadina koa ny ho fandraisana anjaran'ny sampandraharaha tsirairay ; ny distrika, ny sampandraharaham-paritry ny hetra, ny lafitany, ny topografia, ny fanapariaham-pahefana ary ny fikambanana Fiantso, amin'ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny kaominina.

Ny fahatanterahan'ireo voalaza ireo no antoka hampaharitra ny fitantan'ny kaominina ny BIF ao aminy.

Hita ary fa sehatra iray azo ametrahana tokoa ny fifamenoan'ny sehatra ara-panjakana sy ny tsy miakina ity lafin'ny fananantany ity.

Mila aim-baovao ho fanohanana azy ny BIF

Rodobe tokoa fa niara-nidina nijery ifotony ireo Birao Ifoton'ny Fananantany roa; Ambila sy Mizilo ao amin'ny distrikan'i Manakara, ny ekipa fiantso rehetra avy aty Fianarantsoa, ny alatsinainy 20 septambra 2010 lasa teo, ka nahitana ny Mpandrindra nationaly, ny lehiben'ny tetik'asa FIELD, ny lehiben'ny fitantanana ny tetik'asa FIELD anivotany ary ny Mpikirakira ny antontam-baovao.

Nandritra ny fotoana nijoroan'ireo Birao Ifoton'ny Fananantany roa ireo hatramin'ny volana novambra 2009, dia karatany miisa 166 no navoaka hoan'i Mizilo raha 54 kosa ho an'i Ambila.

Tsikaritra anefa tato ho ato fa somary marisarisa ireo Birao Ifoton'ny Fananantany ireo amin'ny famoahana ny karatany ka mila aim-baovao ho fanohanana azy.

Efatra andro ny faharetan'ny ny rodobe ka notanterahina ny firaha-midinika amin'izay mpiantsehatra voakasika rehetra ; ny andro voalohany dia natokana ho amin'ny fiaraha-midinika amin'ny ekipa Mpananteraka, ny filankevitra, ary ny mpiandraiki- tra ny Birao Ifoton'ny Fananantany eo ani-

von'ny kaominina; Ny andro faharoa dia fiaraha-midinika amin'ireo mpi- tantana ara-bako; ; ny Komity Fam- pandrosoana Kaominaly ary ny komi- tin'ny serasera kaominaly ; ny andro fahatelo dia niarahana tamin'ny sam- pandraharaham-paritry ny fananan- tany; ny Do- maines, ary ny Topogra- fia ary farany ny andro fahefatra dia natokana ho amin'ny fia- raha- midinika sy fanentanana ny vaho- kan'ny kao- minina ma-

nontolo. Nandritr'izany fiaraha-midinika rehetra izany dia notsirihina manoka- na ny anton'ny faharisarisana tsikari- tra ka hametrahana drafitr'asa voa- rindra ho amin'ny fahombiazana mi- simisy kokoa hatrany. Zavatra roa loha lehibe no anton- 'izay faharisarisana izay dia ny tsy filaminan'ny raharaham-pirenena eto

Madagasikara sy ny fandalovan'ny rivo- doza Hubert tamin'iny faritra iny izay niteraka ny fitomboan'ny fahantrana hatrany ka tsy nahafahan'ny mponina natrika akory izay ho fahazoana ny kara- tany.

Tsapa ary ny fahavononan'ny isan- tsehatra amin'ny ho fanomezana aim- baovao ny Birao Ifoton'ny Fananantany sy ny ho fanatsarana eny fa dia ny ho fanarenana mihitsy ny fiaraha-miasa izay tsy azo ihodivirana indrindra eo amin'ny Sampandraharaham-paritry ny fananan- tany sy ny kaominina.

Ankoatry ny fananantany dia lafiny maro mikasika ny fanapariaham- pahefana sy ny fitantanana mahomby no niaraha-nidinika anisan'izany ny mikasika ny hetra, ny serasera kaominaly, ny man- garahara.

Marihina fa nisy fihaonana manokana koa niarahana tamin'ny PROSPERER Va- tovary Fitovinany nandritra ity rodobe ity nadinihana ny mikasika ny BIF Am- boanjo sy Analavory.

Fanamby goavana no napetraky ny kaominina vokat'izao fiaraha-midinika izao ka alohan'ny faran'ny taona dia ka- ratany miisa 400 ho an'ny kaominina Mizilo ary 200 ho an'ny kaominina Ambila no havoaka.



Andriamatoa RAVELONJANAHARY Fanoely Lehiben'ny Sampandraharaham-paritry ny « topographies » MANAKARA

Le « Tangena » dans la communauté Antemoro

Nous n'avons nullement l'intention, dans cet article, d'apporter notre jugement sur des valeurs dont une communauté s'y est bien attachée depuis belle lurette. Nous voulons seulement porter à la connaissance de tous sur l'existence encore d'un rite qui peut porter atteinte au respect des droits humains. Nous faisons allusion ici au rite de « Tangena » dans la communauté Antemoro.

Le règlement d'un conflit par l'arbitrage de « Tangena » est très pratique dans la société ancienne malgache mais il ne l'est plus actuellement. Le « Tangena » est une sorte de plante très amère qui peut même causer la mort à ceux qui en boivent.

Le « Tangena » existe encore dans la communauté Antemoro mais se pratique d'une autre façon. Allons parler d'un cas pour expliciter cela.

Le cas d'une jeune fille non mariée mais enceinte fait toujours poser

la question de la paternité de l'enfant. A cette question posée à la jeune fille, elle nomme une personne. Généralement, la famille de la jeune fille va contacter celle du jeune homme pour «régulariser» la situation.

Si le jeune homme doute de cette allégation de la jeune fille, il requiert avec sa famille le «tangena». La jeune fille soutenant ses affirmations, accepte de s'y soumettre. En fait, on ne fait pas boire le « Tangena » à la jeune fille mais plutôt on procède à une cérémonie traditionnelle interfamiliale pendant laquelle la famille du jeune homme maudit la jeune fille et son bébé, en ces termes : «*Si elle dit la vérité, cet enfant sera également le nôtre. Mais si jamais, ce n'est pas le cas, que cet enfant dise non*» («*aoka hitsivalana io zaza io*»). En fait, le mot «mitsivalana» signifie autant «dire non» et «se mettre de travers», «se présenter de travers».

Ainsi, la jeune fille sera mise en observation pendant sa grossesse et surtout le jour de l'enfantement. Car avec des moindres complications, le jeune homme souffrirait facilement la position de non paternité de l'enfant.

Aussi, le « tangena » est traumatisant pour la jeune fille, car souvent en brousse, par faute de Centre de Santé de Base auprès duquel les femmes enceintes doivent faire une consultation prénatale régulière ou avec le simple choix d'accoucher chez les matrones, les risques de complications restent très élevés.

Nous ne sommes pas en mesure de prouver les rapports entre complication et paternité d'un enfant mais nous pouvons constater que beaucoup d'enfants se trouvent actuellement sans père suite au phénomène de « Tangena ».

Adresse : Immeuble FH Antarandolo,
2^{eme} escalier, 3^{eme} étage.
Téléphone : 75 519 82
Messagerie : fiantsofia@moov.mg
Site web : www.fiantso.mg